# Izay nanao sy nanatan-teraka ny fivanianana masina( Hadjy) ho an'i Tompo Allah ka tsy nanao zavatra mirakitra fahavetavetana sy fijangajangana dia hiverina any Aminy Izy, dia lasa tahaka ny Andro voalohany izay nahaterahan'ny Reniny Azy Izy amin'izany fotoana izany

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaira (RA), Niteny Izy ka nanao hoe : Izaho dia naheno an'ny Mpaminany (saw) niteny manao hoe : " Izay nanao sy nanatan-teraka ny fivanianana masina( Hadjy) ho an'i Tompo Allah ka tsy nanao zavatra mirakitra fahavetavetana sy fijangajangana dia hiverina any Aminy Izy, dia lasa tahaka ny Andro voalohany izay nahaterahan'ny Reniny Azy Izy amin'izany fotoana izany ."
[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Nohazavain'ny Mpaminany (Saw) fa izay rehetra nanao sy nanatanteraka ny fivanianana masina ho an'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha ka tsy nanao asa mirakitra vetaveta, ary anisany asa vetaveta: toy ny firaisana ara-nofo sy ireo fampidirana amin'izany toy ny fifanorohana sy ny fisafosafona, ary antsoina ihany koa hoe fahalotoana ara-pitondran_tena. Ary tsy nanao fahotana sy ny asa ratsy rehetra maro isan-karazany, Ary anisan'ireo fahalotoana ara-pitondran_tena dia ny fanaovana ireo voarara amin'ny fotoana izay mbola misikina ny lamba atao hoe : IHRAM, ka rehefa niverina avy tamin'ny fanaovana ny Hadjy izay nataony Izy dia voavela avokoa ny fahotana sy ny fahadisoana izay nivitany, ka dia lasa tahaka ny zaza kely voateraka izay tsy nisy ota Izy.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/2758